Ho anay Mpiasampanjakana dia midika ho TENA TSY FIRAHARAHINA anay iny fampisondrotana 7% - 15% ny karama iny. Ny farany ambany tamin'ny fanondrota-karama hatramin'izay dia mba nifanahatsahana tamin'ny sondrobidim-piainana, fa tamin'ity taona ity kosa dia tena nifanalavitra be tamin'izany fisondrotry ny vidim-piainanana izany. Ohatra vitsy no azo omena:

Ny fiakaran'ny vidim-bary izay 1.000 Ar (Janoary 2011) lasa 1500 Ar (Janoary 2012) izay nanome fisondrotam-bidy 50%, ny hena omby dia 4.700 Ar (Janoary 2011) dia lasa 6.000 Ar (Desambra 2011) izay manome 30% ny fiakarany. Tsy latsak'izany avokoa ireo entana ilaina an-davanandro hafa. Ny hofan-trano moa dia nisondrotra 50% farafahakeliny.

Koa noho izany dia maneho ny tsy fifalianay izahay ato amin'ny SFM (Solidarité des Fonctionnaires de Mcar), fa TENA FANAOVANA TSINONTSINONA NY MPIASAMPANJAKANA izao fihetsika ataon'ny fitondrana tetezamita izao.

Eo anatrehan'izany dia hivory tsy ho ela ireo vondron'ny sendika sy ny fikambanana mitarika ny mpiasampanjakana ary hamoaka fehin-kevitra matotra ho setrin'iny fampisondrotana karama tsy an-drariny iny.

--
Célestin RANDRIANARIVONIZANDRINY
Président National de la SOLIDARITE DES FONCTIONNAIRES DE MADAGASCAR
Chercheur enseignant